CONSEIL DE DÉVELOPPEMENT D'ANDOHATAPENAKA - CDA

TSY ARITRA IFAMPITAIZANA

Ho avy ny fifidianana

Ho avy ny fifidianana, "roso zao tsa misy mimpody" koa hoy ny ao atsimotsimo raha izay no azo ilazana ny raharaham-pirenena miroso mankany amin'ny ho fanatanterahana ny fifidianana filoham-pirenena. Alarobia « tsy miverina » rahateo ny 07 Novambra ifamotoanan'ny safidy sy «ny mpifidy… lanao olom-pirenena feno taona, feno zo, io no tiana ambara amin'izany.

Kabary ny an'ny mpanao politika, fandresendahatra ny an'ny kandida, fa ianao sy ny feon'ny fieritreretanao tsy alofan'iza anaty « isoloir » ilay efitrakely fitokana-monina hisainana ankalalahana ihany no erany. Hanomboka tsy ho ela ny fampielezan-kevitra., kabary tsara lahatra hoentina mandrendrika ireo marivo salosana, faly hinosanosana ny fofona tsy hateliny… fa hevitra no haeliny ho takalozam-bato handrafetany ny lapany, f'ianao hodonin-tapany, ho tohatra hiakarany. Izay indrindra àry no hamohazana anao dieny izao.

« Zo sy adidy ny mifidy ». Fanentanana handrakotra tontolon-tserasera izany manomboka eto. Saingy aoka mba ho tena hoe « hifidy » fa tsy hoe « handatsa-bato ». Safidy malalaka no aseho fa tsy tamberim-bato nosandaina tolotolotra. Dia tsy vitsy no hilaza fa aleo oman-kely toy izay handry fotsy, aleo maty rahampitso toy izay androany. Marina izany, saingy marina tapany raha toa ka ny ho arapany no hiantohanao. Tsy homen-tsiny koa izay mihevitra fa « vato iray ve dia mba ho aiza » raha sendra hoe voafitaka, saingy fantaro ihany fa vato miampy vato no hiantoka isan-jato hibatany fandresena, voin-tenanao jambena tamin'ny « 'ty sy 'nday » hiofo ho « tahak'izay ».

Henoy ny mpifaninana na dia hoe revon'adim-pianana aza. Fantaro sy alalino izay fandaharan'asany. Avaho ny « kobaka am-bava » sy ny « azo tanterahina ». Izao ianao no ilainy, dia mety hampihantainy fa avy eo hanaintaina ny amin'ny vesatry ny fahantrana hananganany fanamby fa hoe ho foanana eto na hahena taha ahay. « Fampandriana adrisa » hivadika ho « tanisa » hamoha ilay nofinofin'ny maro ny mba hahatanteraka ilay tononkiram-pireneny maniry sy mivavaka amin-janahary mba « hiadana sy ho finaritra ary ho sambatra tokoa » ……

Olom-pirenena ianao, raharaham-pirenena ny raharaham-pifidianana, raiso ny toeranao, efao ny adidinao, asehoy ny safidinao madio dia izay hironan'ny safidin'ny maro an'isa tsy nasiam-panovana no aoka ho lany.

Hervé RAKOTOZANANY

CDA TETIKASA PCCI

Miova toetr'andro… miova toe-piaina

Fiteny ilazana ny olona maharaka ny fiovaovan'ny fomba amam-panao, fomba fitafy amam-piteny ny hoe « maharaka toetr'andro ». Tahatahaka ny ahoana koa ny olona azo tondroina hoe « maharaka ny toetry ny andro » na koa « maharaka ny fiovaovan'ny toetry ny andro » ? Fa miovaova tokoa ny toetry ny andro… Ny fisondrotan'ny hafanan'ny tany no ambara ho anton'ny fikorontanana sy fiovaovan'ny toetry ny andro lazaina amin'ny teny vahiny hoe « changement climatique ».

Vahaolana lojika nifanarahan'ny firenena maneran-tany ny ezaka hampihenana ny tahapamokarana entona fositr'izay fiakaran'ny hafanan'ny tany izay. Ny « misoroka » izay ; fa ho an'ny efa mby an-koditra, mila « mitsabo » ny rehetra. Olana iraisam-pirenena io. Vahaolana iraisam-pirenena ny fifanomezan-tanana hiatrehana ny mby an-koditra. Iray amin'izany ny fiaraha-mihentan'ny fikambanana iraisam-pirenena Développement et Paix sy ny Governemanta québécois ary ny CDA Andohatapenaka.

Herintaona katroka izao no nisian'ny tetikasa izay haharitra telo taona hatramin'ny volana jiona 2020. Fokontany 55 miparitaka amina kaominina ambanivohitra 15 sy amina boriborintany telo anatin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra no ikatrohana ato anatin'ny faritra Analamanga. Tanjon'ny tetikasa, araka ny fanazavan-dramatoa Rarivoarinoro Hanta, lehiben'ny tetikasa, ny hanampiana ny mponina amin'ireo fokontany ireo « hiatrika sy hiarina manoloana ny vokatry ny fiovaovan'ny toetry ny andro ». Laharam-pahamehana ny fanofanana sy fanentanana mba handraisan'ny mponina anjara amin'ny asa fampandrosoana ny fiainany sy ny faritra misy azy. Ilaina araka izany ny manova toe-tsaina ialana amin'ireo fomba fanao manimba sy ireo ny fahazaran-dratsy mitera-doza manampy trotraka ny vokatry ny fiovaovan'ny toetrandro.

Nivoitra tamin'ireo atrik'asa izay niarahana tamin'ny solontenan'ny mponina sy ny solontenam-pokontany ny fangatahana fanorenana sy fanarenana foto-drafitr'asa. Ny eny amin'ny faritra ambanivohitra maniry ny hanorenana tohadrano matanjaka sy mateza mba iatrehana ny fiakaran'ny rano na koa ny tsy fahampiany. Ny ety an-drenivohitra, irony trano fivoahana iombonana irony sy/na toerana fanariana fako mba iadiana amin'ny fiparihah'ny fako sy ny diky izay manetsina ireo tatatra fivoahan-drano. Voalaza tao ihany koa ireo fanorenana maro eny ambony fefiloha sy ireo fanotofana tany noho ireo tetikasa maro fanitarana ny tananàn'Antananarivo.

Ny taona faharoa dia hiompana tanteraka amin'ny fanentanana sy fampiofanana ary ny adisisika mba hampandraisana andraikitra ny olom-pirenena tsirairay sy ireo tompon'andraikipanjakana isan'ambaratonga.

Hery ROMEO

CDA TETIKASA PBG

Hoy izy ireo : « Miainga eny ifotony ny fitondrana tsara tantana »

Notanterahina ny Zoma 27 Jolay teo tao amin'ny CDA Andohatapenaka ny fiofanana andiany fahaefatra momba ny fampiharana ny « fitondrana tsara tantana eny ifotony » ho an'ireo vondron'ny mpitily (Cellule de Veille) avy anivom-pokotany.. Ny resadresaka nifanaovana tamin'ny sasantsasany tamin'ny mpiofana no nampisongadina ny fomba niainan'ny tsirairay ny fampitana traikefam-piofanana hatrizay. Ka hoy indrindra izy ireo :

« … Vokatry ny fiofanana natao hatrizay no nahatonga anay ho sahy nanadihady sy sahy nilatsaka an-tsehatra nanampy ny mpiandraikitra ny fokontany niaranamaritra ny tokony hatao. Tonga hatramin'ny fahafahana namoaka am-pahibemaso izay mety ho niafinafina teo amin'ny fitantanana taloha ho an'ny vahoaka. Ireto farany izay zary nanana fahalalahantsaina sy fahasahiana manontany ihany koa rahefa nisy fihaonana na fivoriana. … » hoy andriamatoa J.C. Rabearisoa mponina ao amin'ny Fokontanin'Anosimasina Ampasika Andrefana.

Tsy mba niandry izay fivoriambem-pokonolona tsy nisy hatreto kosa ny mpiofana sasany toa an-dramatoa Ph. Razafiarisoa ao amin'ny Fokontany Andohatapenaka III izay nananambara fa « … Hatreny an-tsena eny, no hifampizarana traikefa amin'ny mpiarabelona na olona telo aman'efatra aza. Tsapa fa nampisy fanovana teo anivon'ny fiainan'ny mponina teo amin'ny fokontany izany raha tsy hiteny afa-tsy ny eo amin'ny sehatry ny fanadiovana. Ny mponina izay miandry ny tamberin'andraikitra avy amin'ny mpitantana. Tsy maintsy tanterahina ihany koa ny fivoriambem-pokonolona hitaterana ny fandehan'ny fidiram-bola sy ny fampiasam-bolam-pokontany ho antoky ny mangarahara… ».

Nanampy ny fisian'izay ezaka ho amin'ny fahadiovana eo amin'io fokontany io rahateo ramatoa Vololonirainy raha niteny ny amin'ny fanamboaran'ny olona lava-piringa isan-tokantrano na ny tetikasa hananganana WC public. Notsipihiny manokana kosa fa « … isan'ny vokatry ny fampandraisana anjara ny rehetra amin'ny hoe fitantanana ifotony ny sehatry ny fandriam-pahalemana ka iandraiketan'ireo lehilahy feno 18 taona ny fiambenana hifarimbonana amin'ireo mpitandro filaminana avy ao amin'ny polisin'ny boriborintany fahafito… ».

Nanamarika kosa ny filohan'io fokontany io, andriamatoa J.J. Rakotondrabao, izay isan'ny mpiofana ihany koa fa « … Betsaka ny fanatsarana tsy maintsy hoentina ao amin'ny fokontany satria vao haingana ihany no nandraisako ny fitantanana raha filoha lefitra ihany ny tena teo aloha. Mila fanovana rafitra mba hisian'ny mangarahara sy hampanjary ny tamberin'andraikitra. Isan'izany ny fanatsarana ny fitantanana ireo fikambanana samihafa mijoro. Vokatra tsapa hatreto ny fahasahian'ny vahoaka maneho hevitra hatramina hetsika fanairana aza… »

Miainga arak'izany ny fitondrana tsara tantana any ifotony fa mby aiza ho aiza kosa izay any an-tampony any sa dia mby amin'ilay vazivazin'olona sahisahy maneho hevitra hoe « fitondrana tsara tataka » ?

Alpha-star

CDA TETIKASA TAZ

Mba ho fisitrahana ny zo sy fampanjariana ny rariny anivom-piaraha-monina

11 taona ny 14 Aogositra teo ny nametrahana tamim-pomba ofisialy ilay tetikasan'ny CDA Andohatapenaka antsoina hoe TAZ na « Trano Aro Zo » ; fiaraha-miasa sy fiarahamiombon'antoka amin'ny Ministeran'ny Fitsarana, mpiahy sy ny Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana misahana ny fampandrosoana (PNUD) ary ny Polisy misahana ny zaza tsy ampy taona sy ny fihetsika mamoafady (PMPM), toy ny fitsarana ambaratonga voalohany, ny Polisim-pirenena, ny zandarimariam-pirenena ary ny Fokontany hisorohana ny vokadratsin'ny fandikan-dalàna mitarika fahavoazana sy tsy fanajana ny zo.

Raha noheverina ho ivontoerana fidododododoan'ireo olona sahirana ara-pivelomana tohatry ny olom-piaraha-monina hatrany an-tokantrano izy ity tany am-piandohana dia efa tonga ao avokoa hatramin'ny olona manan-katao nefa tsy manam-pahalalana ny amin'ny zony haka toro-hevitra mifanaraka amin'ny lalàna ankehitriny, hoy andriamatoa Didier RANDRIANAIVO, Lehiben'ny tetikasa TAZ.

« Fampihavanana ao anatin'ny lalàna sy mifanaraka amin'ny rariny sy ny hitsiny » no ezaka ataon'ny TAZ mampifanatona izay mpitaraina andaniny sy izay voatondro ho fototry ny fitarainana ankilany. Mampahalala azy ireo ny amin'ny zo sy ny andinin-dalàna hiaro na hanenjika azy manoloana izay trangan-javatra mampifanolana ka isehoana herisetra na fanaparampahefana manitsakitsaka izay « zo » izay ka manakona tanteraka ny « rariny ». Miasa ho fitsarana izy amin'izany fa tsy ho afaka ny hamoaka didim-pitsarana mihitsy kosa anefa.

Ny fandraisana an-tanana araka ny lalàna (Prise en charge juridique des victimes) no tena imasoan'ny TAZ raha ampitahaina amina rafitra hafa toy irony Ivontoerana hihaino sy hanomezana toromarika mifanaraka amin'ny lalàna irony,na ireny rantsan'ny Ministeran'ny mponina sy ny fiahiana ara-tsôsialy ary ny fampivoarana ny vehivavy, nandrenesam-panentanana tamina haino aman-jery tato ho ato ireny. Ity farany izay misahana kokoa ny fandraisana an-tanana araka ny fiainam-piaraha-monina (Prise en charge psycho-sociale). Raha mitaha amin'ny « Médiature » na ilay rafi-panjakana misahana ny « fampanjariana ny rariny » kosa indray dia ny fiandraiketana ny olan'olon-tokana na olan-tokantrano eny anivom-piaraha-monina eny ifotony no anjaran'ny TAZ fa tsy izay misahana olan'orinasa na fikambanana, na izay mety ho fifandirana amin'ny fanjakana mivantana, anjara asan'ny Médiature.

Raha ny navoitran'ny tombana farany teo dia ny 75 %-n'ireo raharaham-pitarainana maherin'ny 2.000 isan-taona voarainy no nahazoan'ireo mpitaraina fahafaham-po. Isan'ny hampidirina anaty fandaharan'asan'ny TAZ manomboka eto ihany koa raha ny fanazavana ny ho fandraisana an-tanana ny raharahana « fitsaram-bahoaka ».

Misy mihaino ety ifotony arak'izany ny mponina manam-pahasahirana, fa raha ny rafitra sy ny ambaratonga any ambonimbony any kosa, moa ve mba mihaino ?

Ikotofils